

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy
75 009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

SAP 2 MEY 2017

NY FIAINANA RAISINA AO AMIN'I KRISTY

Kolosiana 2, 6-23

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troves, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

Fizarana 1 : KONTEKSTA

1. Ny tanànan'i Kolosia :

- a) aiza ? :200km miatsinanana avy eo Efesosy, ivontoeran'ny lalana mankany Syria,
- b) toetrany :
 - tanan-dehibe niha-very laza ary saika ravan'ny horohoron-tany tamin'ny taona 60,
 - nifamoivoizan'ny fampianaram-pinoana sy filozofika maro,
- c) Fianakavia jiosy 2000 namokatra tamin'ny fivarotana laine,

2. Ny fiangonana tao Kolosia :

Tsy i Paoly no nanorina azy fa i Epafra (1, 7-8)

Nihevi-tena ho tsara kokoa noho ny hafa satria :

- Fatra-panaraka ireo toro-marika reny amin'ny fiainana ny finoana (2, 16),
- Nanaiky nampijaly tena (2, 18),
- Nanompo ny anjely

Antony nanoratan'i Paoly ny Epistily :

- Fiderana ny toetran'ny finoany,
- Fampitandremana azy amin'ny fampianaran-diso,

Ny fandrosoana amin'ny lala-marina no hahafahana manohitra ny ratsy.

« mandehana ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » = toromarika hiainana araka ny Sitrapon'i Jesosy Kristy Tompo.

Ny fampitandreman'i Paoly ny Kolosiana :

- Ny loza aterakin'ny filozofia atao hamaritra ny finoana,
- Ny fombafombam-pivavahana heverina hahazoana famonjena,
- Ny finoanoam-poana.

Fizarana 2 : TEKSTA

and. 7-8 : « mandeha ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » :

and. 7

Kristy :

- famaritana (= olona voahosotr'Andriamanitra hanatanteraka asam-panavotana),
- dikan-teny (= Mesia),
- ohatra : Davida,
- fanantenana ny Mesia (8 siècles avant Jésus),
- vesatra nisy : perse, rômana,
- nanafaka anao tamin'inona i Jesosy ? (= tamin'ny fahotana sy izay manavesatra anao rehetra, i.e. aretina, alahelo, hatezerana, fisarahana, ary indrindra ny fahafatesana / « fa fahafatesana no tambin'ny ota » Rom. 6, 23),

Tompo :

- propriétaire,
- seigneur (cf. tompo sy mpanompo teo amin'ny fanandevozana / « doulos » revendiqué par Marie in Luc 1, 38 sy Paul in Gal. 1, 10b ary Petera sy Jaona in Asa. 4, 29),
- iza no tomponao ? :
- ✓ Tomponao tokoa ve i Jesosy ?
- ✓ = Andevon'i Jesosy tokoa ve ianao sa andevon'iza na andevon'inona ?

Fandehanana ao amin'i Kristy Jesosy Tompo :

- mamaka
- miorina
- mitoetra
- misaotra

- **and. 8** : mitandrina mba ho tsy voasarikin'ny fampianarana tsy araka an'i Kristy :
- ✓ voatolotrin'ny razana (manjary ascension sociale ny fahafatesana amin'ny malagasy satria « lasan-ko razana », fanaovana ny razana ho sampy),
- ✓ avy amin'izao tontolo izao (revy sy sitra-po ary fitiavan-tena)

and. 9-12 : Kristolojia :

and. 9 : Kristy Jesosy Tompo : itoeran'ny fahafenoan'Andriamanitra

and. 10 : Kristy Jesosy Tompo : lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra

and. 11 :

- Tao Aminy no namoran'Andriamanitra (= « famorana tsy nataontanana) anareo,
- « famoran'i Kristy » = manaisotra ny tenan'ny nofo (= ny filàny sy ny lalàny)

and. 12 :

« niara-nalevina Taminy ... tamin'ny Batisa » :

- inona taminao no niara-nalevina tamin'i Jesosy ? :
- ✓ ny faharatsianaoh rehetra,
- ✓ ny maha-izy anao rehetra : ny voninahitrao, ny lazanao, ny fahefanao, ny fahaizanao, ny fahafaha-manaonao, ny volabenao, ny harenanao, ...
- ✓ ny momba anao rehetra : ny vatanao, ny nofonao, ny sainao,
- ✓ vita hatreo ny aminao : « vita matavy » eo ianao ho ny fitenintsika. Ny azo raisina aminao sisa dia ny maha-andevo anao. Kanefa dia izay ihany no ahafanao manaiky an'i Jesosy Kristy ho Tomponao,

- iza no nanao izany (= nandevina anao) ? :
- ✓ ny olona nandevina anao dia izay niaiky fa efa maty tokoa ianao,
- ✓ iza izany ? = Andriamanitra,
- taiza no nanaovany izany ? : tamin'ny Batisa
- Vokany :
- ✓ tsy atao Batisa fanindroany intsony ianao satria efa « niara-nalevin'Andriamanitra tamin'i Kristy Jesosy Tompo tamin'ny Batisa »,
- ✓ sa halevinao impiry ity Jesosy ity vao ho afa-po ianao ? halevina isak'izay miova fiangonana ianao ?

- ✓ Tsarovy fa maty indray mandeha monja i Jesosy ary nalevina indray mandeha monja, indray mandeha tsy miverina hoy ny fitenintsika. Sa ianao mbola te-hamono an'i Jesosy indray mandeha fanampiny fa tsy ampy anao ny nitondrany ny fahafatesanao rehetra teo amin'ny Hazo-Fijaliana tamin'iny indray mandeha iny ? Impiry ianao no te-hamantsika an'io Jesosy io eo amin'ny Hazo-Fijaliana, impiry vao ho afa-po ?,
- ✓ sa ho atao maty impiry ity ianao ity ?,
- ✓ mbola hovonoina indray ?,ny fanekenao an'i Jesosy ho hany Kristy sy ho hany Tomponao no tokony havaozinao amin'ny fotoana rehetra,

« niara-natsangana Taminy » :

- tamin'ny fitsangan'ny tena amin'ny maty,
- iainanao tokoa ve izany hoe ianao natsangan'Andriamanitra tamin'ny fahafatesanao izany ? Sa mbola te-hifikitra amin'ny fahafatesanao ihany ianao ?,
- midika inona amin'ny fiananao izany hoe « niara-natsangana » tamin'i Kristy Jesosy Tompo izany ianao ?,

and. 16-23 : fitondran-tenan'izay « mandeha ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » :

and. 16 : aza avela hisy hitsara anareo :

- = aza manao izay hanamelohan'ny olona anareo,
- amin'ny fitondran-tena (« fihinana », « fisotro »),
- amin'ny fanompoana (« andro firavoravoana », « voalohambolana », « Sabata »),

and. 18-23 : aza mety hofitahina ianareo :

- amin'ny fomba fanao :
- ✓ mifanaraka amin'ny « fivavahana haitraitra sy ny fanetren-tena ary ny fampahoriana ny tena, nefa tsy manan-kery akory hahasakana ny fampanaranana ny nofo » (and. 23),
- ✓ « fanetren-tena haitraitra » = and. 21 « Aza mandray, aza manandrana, aza manendry »,
- amin'ny fanompoan-tsampy (« fivavahana amin'ny anjely »),
- amin'ny tsy finoana fa :
- ✓ filàna porofo (« feno fiavonavonana noho ny fisainan'ny nofony »),
- ✓ famerana ny fahefan'Andriamanitra (« mitompo amin'ny zavatra efa hitany »),

and. 20 : « niara-maty tamin'i Kristy ianareo » :

- Filazantsara, herin'Andriamanitra : « ka efa afaka tamin'ny abidim-pianaran'izao tontolo izao »,
- Fanontaniana :
 - ✓ « nahoana no toa mbola velona amin'izao tontolo izao ihany ianareo »,
 - ✓ « ka mety hodidiana »,
- **and. 21 : Fampitandremana** : mbola mitoetra amin'ny « fampanaranana ny nofo » ihany ?



A/ KONTEKSTA :

I Kolosia dia tanàna eo amin'ny 200 km miala an'i Efesosy eo, raha miatsinanana. Ivon-toerana amin'ny fifandraisana amin'ny tanàn-dehibe maro, toa an'i Syrie izy. Noho ny fiovan'ny fizotran'ny lalana teo amin'ny fifamoivoizana anefa dia nanjary lefy ny lazan'i Kolosia ka nihoaran'i Laodikia sy Hiéropolis izy tamin'ny taonjato 1. Saika ho efa rava mihitsy aza io tanàna io noho ny horohoron-tany nitranga tamin'ny faritra iny tamin'ny taona 60.

Nisy fianakaviana jiosy 2000 teo ho eo nifindra monina nakany Kolosia tamin'ny andron-dry Paoly. Maro amin'izy ireo no niompy ondry aman'osy ary nivarotra laine noho izany. Azo lazaina ho namokatra ihany ny varotra nataon'izy ireto.

I Epaфра no nanorina ny Fiangonana tao Kolosia rehefa avy nitory ny Filazantsara tany (1, 7). Nankany Roma izy ka nampahafantatra an'i Paoly ny toetran'ny kristiana tao Kolosia (1, 8) : nihevi-tena ho tsara kokoa noho ny kristiana hafa ny Kolosiana satria :

- fatra-panaraka ireo toro-marika isan-karazany amin'ny fiainana ny finoana izy (2, 16),
- nahavita nampijaly tena sy nanompo ny anjely (2, 18).

Ka dia nanoratra ho an'ireto Kolosiana ireto ny apostoly Paoly, (lazainy fa « rahalahy malala » satria « masina = natokana ho an'Andriamanitra) sady midera ny toetran'ny finoany no mampianatra azy hitandrina eo anatrehan'ny mety ho fampianaran-diso ka hizotra amin'ny lalan'ny finoana mandrakariva. Maro tokoa manko ny fampianaran'ny karazam-pivavahana maro sy filozofia nihodinkodina nanodidina an'i Kolosia tamin'izany.

Tykiko sy Onesimosy no nampitondrain'i Paoly izao taratasy izao (4, 7-9) ho an'ireto kristiana ao amin'ny Fiangonana ao Kolosia ireto.

Tamin'izany andron-dry Paoly izany dia efa nisy ny olona izay niezaka handavo ny kristiana amin'ny fampianarana hafa voalaza amin'ny teny mirindra tsara sady manintona kanefa lavitra ny Fahamarinana. Soa fa niorina tsara (niorina amin'ny fampianaran'ny apostoly sy ny finoana velona) ny Fiangonana tao Kolosia ka dia mamporisika azy ireto handroso amin'ny fiainana ny finoana no antom-panoratan'i Paoly eto.

Ny 2, 6-7 dia mampianatra fa ny fandrosoana amin'ny lala-marina no hahafahana manohitra ny ratsy. Ny hoe « mandehana ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » dia milaza toromarika hiainana araka ny Sitrapon'i Jesosy Kristy Tompo.

Misy karazany 3 ny fampitandreman'i Paoly ny Kolosiana eto amin'ny Kol. 2 :

- Ny loza aterakin'ny filozofia atao hamaritra ny finoana,
- Ny fombafombam-pivavahana heverina hahazoana famonjena,
- Ny finoanoam-poana.

Mba hialana amin'izany dia mila mifikitra sy miaina araka ny Filazantsaran'ny Famonjena ny Fiangonana. Izay ihany ny lalana. Tsy ny fombafomba fa ny Famonjena notanterahin'i Jesosy Kristy teo amin'ny Hazo-Fijaliana sy ny Fitsanganany tamin'ny maty.

Ny 2, 20 dia milaza fa « niara-nalevina » tamin'i Kristy isika ary ny 3, 1 dia manambara fa « niara-natsangana » tamin'i Kristy isika :

- « niara-nalevina » tamin'i Kristy =
 - ✓ niara-maty Taminy,
 - ✓ fahafatesantsika amin'ny fiainana araka ny fiainana sy fahalalana ary ny sitrapon'izao tontolo izao,
- « niara-natsangana » : mampifandray antsika mivantana amin'Andriamanitra,
- manan-danja manokana ny teny hoe « satria » ao satria teny manazava io teny io.

Ny 3, 1-4 dia manambara ny fitahiana azon'izay « niara-natsangana » tamin'i Kristy.

B/ TEKSTA :

and. 7-8 : « mandeha ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » :

and. 7

1. Kristy :

- famaritana (= olona voahosotr'Andriamanitra hanatanteraka asampanavotana),
- dikan-teny (= Mesia),
- ohatra : Davida,
- fanantenana ny Mesia (8 siècles avant Jésus),
- vesatra nisy : perse, rômana,
- nanafaka anao tamin'inona i Jesosy ? (= tamin'ny fahotana sy izay manavesatra anao rehetra, i.e. aretina, alahelo, hatezerana, fisarahana, ary indrindra ny fahafatesana / « fa fahafatesana no tambin'ny ota » Rom. 6, 23a),

2. Tompo :

- propriétaire,
- seigneur (cf. tompo sy mpanompo teo amin'ny fanandevozana / « doulos » revendiqué par Marie in Luc 1, 38 sy Paul in Gal. 1, 10 ary Petera sy Jakoba in Asa. 4, 29),
- iza no tomponao ? :
 - ✓ Tomponao tokoa ve i Jesosy ?

✓ = Andevon'i Jesosy tokoa ve ianao sa andevon'iza na andevon'inona ?

3. Fandehanana ao amin'i Kristy Jesosy Tompo :

- mamaka
- miorina
- mitoetra
- misaotra
- **and. 8 :** mitandrana mba ho tsy voasarikin'ny fampianarana tsy araka an'i Kristy :
 - ✓ voatolotrin'ny razana (manjary ascension sociale ny fahafatesana amin'ny malagasy satria « lasan-ko razana », fanaovana ny razana ho sampy)
 - ✓ avy amin'izao tontolo izao (revy sy sitra-po ary fitiavan-tena)

and. 9-12 : Kristolojia :

and. 9 :

Kristy Jesosy Tompo : itoeran'ny fahafenoan'Andriamanitra

and. 10 :

Kristy Jesosy Tompo : lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra

and. 11 :

1. Tao Aminy no namoran'Andriamanitra (= « famorana tsy nataon-tanana) anareo,
2. « famoran'i Kristy » = manaisotra ny tenan'ny nofo (= ny filàny sy ny lalàny)

and. 12 :

1. « niara-nalevina Taminy ... tamin'ny Batisa » :
 - inona taminao no niara-nalevina tamin'i Jesosy ? :
 - ✓ ny faharatsianao rehetra,
 - ✓ ny maha-izy anao rehetra : ny voninahitrao, ny lazanao, ny fahefanao, ny fahaizanao, ny fahafaha-manaonao, ny volabenao, ny harenanao, ...
 - ✓ ny momba anao rehetra : ny vatanao, ny nofonao, ny sainao
 - ✓ vita hatreo ny aminao : « vita matavy » eo ianao ho ny fitenintsika. Ny azo raisina aminao sisa dia ny maha-andevo anao. Kanefa dia izay ihany no ahafanao manaiky an'i Jesosy Kristy ho Tomponao,
 - iza no nanao izany (= nandevina anao) ? :
 - ✓ ny olona nandevina anao dia izay niaiky fa efa maty tokoa ianao,
 - ✓ iza izany ? = Andriamanitra,
 - taiza no nanaovany izany ? : tamin'ny Batisa
 - Vokany :
 - ✓ tsy atao Batisa fanindroany intsony ianao satria efa « niara-nalevin'Andriamanitra Tamin'i Kristy Jesosy Tompo tamin'ny Batisa », sa halevinao impiry ity Jesosy ity vao ho afa-po ianao ? halevina isak'izay miova fiangonana ianao ?
 - ✓ Tsarovy fa maty indray mandeha monja i Jesosy ary nalevina indray mandeha monja, indray mandeha tsy miverina hoy ny fitenintsika. Sa ianao mbola te-hamono an'i Jesosy indray mandeha fanampiny fa tsy ampy anao ny nitondrany ny fahafatesanao rehetra teo amin'ny Hazo-

Fijaliana tamin'iny indray mandeha iny ? Impiry ianao no te-hamantsika an'io Jesosy io eo amin'ny Hazo-Fijaliana, impiry vao ho afa-po ?,

- ✓ sa ho atao maty impiry ity ianao ity ?,
- ✓ mbola hovonoina indray ?,
- ✓ ny fanekenao an'i Jesosy ho hany Kristy sy ho hany Tomponao no tokony havaozinao amin'ny fotoana rehetra,

2. « niara-natsangana Taminy » :

- tamin'ny fitsangan'ny tena amin'ny maty,
- iainanao tokoa ve izany hoe ianao natsangan'Andriamanitra tamin'ny fahafatesanao izany ? Sa mbola te-hifikitra amin'ny fahafatesanao ihany ianao ?,
- midika inona amin'ny fiananao izany hoe « niara-natsangana » tamin'i Kristy Jesosy Tompo izany ianao ?,

and. 16-23 : fitondran-tenan'izay « mandeha ao amin'i Kristy Jesosy Tompo » :

and. 16 : aza avela hisy hitsara anareo :

- = aza manao izay hanamelohan'ny olona anareo,
- amin'ny fitondran-tena (« fihinana », « fisotro »),
- amin'ny fanompoana (« andro firavoravoana », « voaloham-bolana », « Sabata »),

and. 18-23 : aza mety hofitahina ianareo :

- amin'ny fomba fanao :
 - ✓ mifanaraka amin'ny « fivavahana haitraitra sy ny fanetren-tena ary ny fampahoriana ny tena, nefa tsy manan-kery akory hahasakana ny fampanaranana ny nofo » (and. 23),
 - ✓ « fanetren-tena haitraitra » = and. 21 « Aza mandray, aza manandrana, aza manendry »,
- amin'ny fanompoan-tsampy (« fivavahana amin'ny anjely »),
- amin'ny tsy finoana fa :
 - ✓ filàna porofo (« feno fiavonavonana noho ny fisainan'ny nofony »),
 - ✓ famerana ny fahefan'Andriamanitra (« mitompo amin'ny zavatra efa hitany »),

and. 20 : « niara-maty tamin'i Kristy ianareo » :

- Filazantsara, herin'Andriamanitra : « ka efa afaka tamin'ny abidim-pianaran'izao tontolo izao »,
- Fanontaniana :
 - ✓ « nahoana no toa mbola velona amin'izao tontolo izao ihany ianareo »,
 - ✓ « ka mety hodidiana »,
- **and. 21 : Fampitandremana :** mbola mitoetra amin'ny « fampanaranana ny nofo » ihany ?